REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

# MINISTERAN'NY NY FIOMPIANA

-----------------

*SEKRETARIA JENERALY*

----------------

## FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY FIOMPIANA

----------------

## FOIBEM-PITONDRANA MIKASIKA NY HARENA MOMBA NY BIBY

# TOROLALANA ANKAPOBENY

# NY FIOMPIANA LANDY

**" Famokarana ara-piompiana mahomby, Loharanon'ny Fampandrosoana "**

*Direction des Ressources Animales*

*BP 291 – Tél. 22 400-11*

*Ampandrianomby – Antananarivo (101)*

## *I- KARAZANA BIBY*

Misy karazany roa ( 02 ) ny landy eto Madagasikara

- **Landibe** na *Borocera madagascariensis* izay landy monina any anaty ala ( Tapia , Afiafy , ary any amin'ireo ala voajanahary sasantsasany ) .
  - Tsy mba ompiana izy ity fa misy fotoana fitangosana azy isan-taona .
  - Mihinana ravin-kazo samihafa (tapia – afiafy – amberivatry – goavy ..)
  - Trandrahana hanaovana lambamena sy lamba fitafy .

- **Landikely** na *Bombyx mori* , antsoina koa hoe landim-boaroihazo .
  - Ompiana anaty trano ary manaraka tekinika manara – penitra
  - Tsy mihinana afa – tsy ravina voaroihazo, noho izany dia manaraka ny fisian 'ny ravina no hanaovana ny fiompiana , manomboka ny septambra ka hatramin'ny volana may eto afovoan-tany .

Telo karazana ny fitsinjarana ny landikely raha ny fahafahany manome taranaka no jerena .

- Monovoltine ireo manome taranaka in-dray mandeha isan-taona
- Bivoltine ireo manome taranaka in-droa isan-taona
- Polyvoltine ireo manome taranaka mihaotra ny in-telo isan-taona . Ity farany ity no lazaina fa landy gasy .

Ny safiotra azo avy amin'ny ( Bivoltine X Polivoltine ) na ( Bivoltine X Bivoltine ) azo ompiana tsara eto amintsika satria tena manome vokatra tsara .

# II- FITONDRANA NY FIOMPIANA

Alohan'ny hanaovana ny fiompiana dia tsy maintsy fantarina tsara ny habetsahan'ny reniny afaka ompiana . Noho izany dia kajiana

ny ravina , jerena ny olona hanantanteraka ny asa , ny trano sy ny fitaovana rehetra .

Tsy azo atao mihitsy ny miompy landy raha tsy ampy ny ravina sy ny toerana asiana azy .

**21- <u>Toerana ho an 'ny landy 20 reny</u>**

- Efi-trano 3m x 5 m x 3 m
- Toerana na fandriana 10 m2 mandritran'ny fiompiana
- Talatalana na tohatra misy rihana 3 na 4 mba tsy hibahana toerana loatra .

**22 – <u>Fomba Fiompiana</u>**

Samihafa ny fomba fiompy landy madinika sy landy lehibe.

- Ny landy madinika (vao foy, miala lay, marakely) dia haingam-pitombo tokoa ary mitaky toerana mafana sy misy hamandoana . Ny ravina malemy no tsara ho azy .

- Ny landy lehibe (zandriny, landy) dia tsy tia hamandoana sy hafanana loatra ary ny ravina sahaza ho azy dia ireo ravina mafimafy sy matoy.

- Raha tsy voahaja ireo fepetra ireo dia miseho ny aretina.
-

**23- <u>Fitaovam-piompiana ho an 'ny landy 20 reny</u>**

| Fitaovana | Isany |
|---|---|
| tsatoka misy rihana 3 mirefy 5 m ny halavany | 01 |
| talatalana mirefy 1 m x 1 m | 11 |
| harato fanoloana lafika | 21 |
| antsy fitetehana raviny | 01 |
| latabatra | 01 |
| plastika manana sakany 1 m | 05 m |
| lamba soga | <u>03m</u> |
| sobika asiana ravina na fako | <u>06</u> |
| sécateur | <u>01</u> |
| Kifafa | <u>01</u> |
| Koveta sy sceau | <u>01</u> |
| Savony sy borosy | <u>01</u> |
| bozaka maina atao lafika na gazety na taratasy | |
| fitaovana fanafanana trano | <u>01</u> |
| fitsapana hafanana | <u>01</u> |

- Fanamarihana

  - Tsy maintsy madio amin’ny rano sy savony ny trano sy ny fitaovana rehetra:

  - Diovina amin’ny fanafody : Eau de javel na ranon-tsokay.

  - Lokoina amin’ny Sokay ny lafin-drindrina rehetra

  -Tokony ho vita ireo fikarakarana ireo 10 andro alohan’ny anombohan’ny fiompiana.

**24- <u>SAKAFO</u>**

Ny ravina voaroihazo no sakafon’ny landy .

Ny landy 20 reny dia mila ravina 200 - 250 kg . Raha ahazoana ravina 01 kg isam-potony ny hazo iray dia 200 - 250 fototra no ilaina.Raha 02 kg kosa no azo dia 100 - 125 fototra no ilaina.

Miankina amin’ny habetsahan’ny ravina misy ny haben’ny fiompiana atao.

<table>
<tr><th>Taonany</th><th>Faharetany (andro )</th><th>Lanjan-dravina ilaina (kg)</th><th>Fanamarihana</th></tr>
<tr><td>Vao foy</td><td>4</td><td>1</td><td rowspan="3">Betsaka Protéine<br>Betsaka rano<br>Kely siramamy<br>Misy oligo-éléments</td></tr>
<tr><td>Miala lay</td><td>3</td><td>2.5</td></tr>
<tr><td>Marakely</td><td>4</td><td>10</td></tr>
<tr><td>Zandriny</td><td>6</td><td>50</td><td rowspan="2">Protéine<br>Kely rano<br>Betsaka siramamy<br>Misy oligo-éléments</td></tr>
<tr><td>Landy</td><td>8</td><td>200</td></tr>
</table>

**25- <u>Fitaizana landy 20 reny</u>**

- Hafanana sy hamandoana ilain'ny landy

| Taonany | Hafanana<br>T°C | Hamandoana<br>H% |
|---|---|---|
| Vao foy | 28° | 80% |
| Miala lay | 26° | 80% |
| Marakely | 25° | 75% |
| andriny | 24° | 70% |
| Landy | 22° | 65% |

- Fitondrana ny fiompiana

<table>
<tr><th>Taonany</th><th>Mihinana (andro)</th><th>Matory<br>(andro)</th><th>Lanjan-dravina<br>lany<br>(kg)</th><th>Haben'ny fandriana<br>(m2)</th><th>Fanamarihana</th></tr>
<tr><td>Vao foy</td><td>4</td><td>1</td><td>1</td><td>1</td><td rowspan="2">Fahana in-2<br>Mampiasa<br>plastika 2<br>Rarahana sokay rehefa matory<br>Manolo lafika indr.1</td></tr>
<tr><td>Miala lay</td><td>3</td><td>1</td><td>2.5</td><td>2</td></tr>
<tr><td>Marakely</td><td>4</td><td>1.5</td><td>10</td><td>3.5</td><td>Fahana in-2<br>01 plastika<br>rarahana sokay<br>manolo lafika indr.2</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td>Fahana in-3</td></tr>
</table>

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Zandriny | 6 | 2 | 50 | 5 | Tsy mila plastika<br>rarahana sokay<br>manolo lafika in-3 |
| Landy | 8-10 | - | 200 | 10-12 | Fahana in-4 na in-5<br>Tsy mila plastika<br>rarahana sokay<br>manolo lafika isan'andro |

**26 – <u>Fikajiana ny fahasalamana</u>**

- Fanadiovana amin'ny rano ny fitaovana rehetra sy ny trano
- Fampiasana ny eau de javel amin'ny trano sy ny fitaovana
- Fampiasana sokay amin'ny fandokoana rindrina
- Fampiasana sokay amin'ny landy vao mifoha
- Fanarahana an-tsakany sy an-davany ny fepetra ara-teknika
- Fitandremana ny hatsaran'ny ravina
- Fitandremana ny manodidina ny fatoriana
- Fanoloana lafika ara-potoana

**27 - Aretina mpahazo ny landy**

- Ny bokaboka : avy amin'ny virus , mavomavo ny lokon'ny tenan'ny landy, mibontsina toy ny volo-tsangana. Rehefa mihinjitra be ny hoditra dia rovitra ary mivoaka ny nana. Mandehandeha foana eny amin'ny sisin'ny talatalana ary maty amin'ny farany.
- Ny maty fotsy : avy amin'ny olatra, miseho amin'ny fotoana maha betsaka ny orana, Ireo landy maty dia mihinjitra be ary miloko fotsy toy ny tsaoka « la craie ».
- Ny milofika : mahavoa ny landy rehetra , milofika ny landy dia maty, avy eo dia lo lasa mainty be ary maimbo.
- Ny pébrine : aretina manaranaka , afindran'ny lolo vavy amin'ny atodiny. Noho izany dia ilaina tsara ny fahafantarana fa tsy misy io aretina io ny lolo vavy ampanatodizana .

**28 - <u>Ny fitantanana</u>**

Raha tiana handeha tsara ny famokarana dia tokony ho voatana an-tsoratra daholo :

- Ny vola miditra sy mivoaka
- Ny olona rehetra ampiasaina
- Ny mikasika ny saham-boaroihazo : zezika – fiavàna –fanapahana sy ny sisa

- Ny fandehan'ny fiompiana rehetra : ravina lani'ny landy – fanafody ampiasaina sy ny fatrany lany.

## III- VOKATRA.

### 31- karazany

- Ny vokatra voalohany azo avy amin'ny fimpian-dandy dia ny akoran - dandy izay azo folesina ho kofehy ary tenomina ho lamba ( lamba fitafy, lamba mena... )
- Ny zanan-dandy ( chrysalides ) izay azo atao sakafon'ny olona  na ny biby fa indrindra ny trondro .

### 32- Tombam-bokatra

Raha ara-dalàna ny fikarakarana ny fiompiana dia toy izao ny vokatra mety ho azo :

- landy gasy (karazana polyvoltine) : ny landy 20 reny dia manome vokatra  05 – 07 kg akoran-dandy
- landy vahiny (karazana bivoltine) : ny landy 20 reny dia manome 10 – 13 kg akoran-dandy

### 33- Làlam-barotra

Hatramin'izao dia mbola malalaka ny tsena eto an-toerana. Fantatra fa mbola tsy ampy betsaka ny akoran-dandy sy kofehy izay ilain'ny mpanao taozavatra sy asa tànana : mpisintona kofehy sy mpamoly, mpanenona …

Raha ny tsena any ivelany indray dia ireo taozavatra vita avy amin'ny  lasoa no be mpitady amin'izao fotoana izao. Tsara ireo taozavatra vitan-tsika avy amin'ny Landy ka mahasarika n'ireo vahiny .

**Raha mila fanazavana bebe kokoa ianao, dia manatona ny teknisiana miandraikitra ny fiompiana akaiky anao indrindra**